



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY BOKIN'I ZEFANIA
LE LIVRE DE SOPHONIE

Alatsinainy 04 janoary 2021
Lundi 04 janvier 2021

NY ANDRO FITSARANA
- LE JOUR DU JUGEMENT

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Mangina eo anatrehan'Ny TOMPO fa efa antomotra ny andron'Ny TOMPO » (Zef. 1, 7) - « *Silence devant le Seigneur, l'Eternel, en effet, le jour de l'Eternel est proche* » (Soph. 1, 7).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) 408, 2-3 : Jehovah Ray mahari-po :

2. Izaho izay mangataka
Tsy azo hamarinina.
Indrisy, be ny tsiniko :
Mba mamindrà fo amiko.
3. Tsy tamboko isaina re
Ny fahotako marobe,
Ka be tokoa ny tahotro.
Mba mamindrà fo amiko !

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Zef. 1, 1 :

1 NY Tenin'Ny TOMPO, izay tonga tamin'i Zefania, zanak'i Kosy, zanak'i Gedalia, zanak'i Amaria, zanak'i Hezekia, tamin'ny andro nanjakan'i Josia, zanak'i Amona, mpanjakan'ny Joda.

1 Parole de l'Eternel adressée à Sophonie, fils de Cushi et descendant de Guedalia, d'Amaria et d'Ezéchias, durant le règne de Josias, fils d'Amon, sur Juda.

Fanamarihana 1 – Remarques 1 : Zefania - Sophonie

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) FF6, 1-2 : Ny Teninao, Jehovah Ray mahery :

1. Ny Teninao Jehovah Ray mahery
Izay nomenao anay
Dia Teny tsara sady mampahery
Ka mampifaly ny fonay.

Fiverenana :

Ny Teninao : mofon'aina sakafo tokoa

Ny Teninao : ranon'aina satria foto-tsoa

Ny Teninao no Teny tsy mba maty

Maharitra mandrakizay.

2. Soraty re ho velona ao anaty
Hitondra aina vaovao
Hitana ny finoana tsy ho faty
Ka hankato ny Didinao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Zef. 1, 2-3 :

2 Hakifako tokoa ny zavatra rehetra tsy ho eny ambonin'ny tany, hoy Ny TOMPO. 3 Eny, hakifako ny olona sy ny biby, hakifako ny vorona eny amin'ny habakabaka sy ny hazan-drano any an-dranomasina, ary ny zavatra mahatafintohina mbamin'ny ratsy fanahy : haringako tsy ho amin'ny tany ny olona, hoy Ny TOMPO.

2 Je ferai tout disparaître de la surface de la terre, déclare l'Eternel. 3 Je ferai disparaître les hommes et les bêtes, les oiseaux du ciel et les poissons de la mer, et tout ce qui fait trébucher les méchants : J'exterminerai les hommes de la surface de la terre, déclare l'Eternel.

Fanamarihana 2 – Remarques 2 : Jugement du Seigneur contre la terre entière

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika - pour nos familles
- ho an'ny Fiangonana – pour l'Eglise

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 307, 1-2 : Iza no hanompo an'i Jeso soa :

1. Iza no hanompo an'i Jeso soa ?
Iza no hanaiky, mba ho Azy moa ?
He ny hatsarany ! He ny antra be !
Izy ta-hamonjy ka meteza re.

Fiverenana :

*Jeso Tomponay ô, indreto izahay,
Avy mba hanaiky ka mandraisa anay.*

2. Iza re no mety, iza re lazao,
Hanome ny fony mba ho Azy izao ?
He, miantso mafy Jeso Tompo tia :
Izay rehetra mety, ô avia, avia.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Zef. 1, 4-10 :

4 Ary hahinjitra ny Tanako hamely ny Joda sy ny mponina rehetra any Jerosalema. Dia haringako tsy ho eo amin'ity tany ity ny sisa amin'i Bala sy ny anaran'ny mpisorona amin'ny andriamani-tsi-izy mbamin'ny tena mpisorona, 5 sy izay mivavaka any antampon-trano amin'izay eny amin'ny lanitra, ary izay miankohoka sy mianiana ho an'Ny TOMPO sady mianiana amin'i Malkama, 6 ary izay nihemotra niala tamin'Ny TOMPO sy izay tsy nitady Ny TOMPO na nanontany taminy.

4 Je déploierai ma puissance contre Juda et contre tous les habitants de Jérusalem. Je supprimerai de cet endroit ce qui reste de Baal, le nom de ses ministres et les prêtres avec eux, 5 ceux qui se prosternent sur les toits devant les corps célestes, ceux qui se prosternent en jurant par l'Eternel tout en jurant par leur roi. 6 Je supprimerai ceux qui se sont détournés de l'Eternel, ceux qui ne cherchent pas l'Eternel et qui ne Le consultent pas.

7 Mangina eo anatrehan'Ny TOMPO fa efa antomotra ny andron'Ny TOMPO. Fa Ny TOMPO efa niomana hamono zavatra hatao fanatitra ka efa nanamasina ny olona nasainy. 8 Ary raha mby amin'ny andro hamonoan'Ny TOMPO zavatra hatao fanatitra, dia hovaliako ny lehibe sy ny zanak'andriana mbamin'izay rehetra mitafy ny fitafin'ny firenena hafa.

7 Silence devant le Seigneur, l'Eternel, en effet, le jour de l'Eternel est proche ! car l'Eternel a préparé un sacrifice, Il a consacré ses invités. 8 Le jour du sacrifice de l'Eternel, J'interviendrai contre les princes et les fils du roi et contre tous ceux qui portent des habits étrangers.

9 Ary amin'izany andro izany, dia hovaliako izay rehetra miezaka mihoatra ny tokonana, dia ireo mameno loza sy fitaka ny Tranon'ny Tompony.

9 Ce jour-là, J'interviendrai contre tous ceux qui sautent par-dessus le seuil pour remplir de violence et de fraude la Maison de leur Seigneur.

9 Ce jour-là, J'interviendrai contre tous ceux qui sautent par-dessus le seuil pour remplir de violence et de fraude la Maison de leur Seigneur.

10 Ary amin'izany andro izany, hoy Ny TOMPO, dia hisy feo re mitaraina any ambavahadin-kazan-drano, sy fidradradrana ao amin'ny tanàna ambany, ary fidarabohana miezinezina any amin'ny havoana.

10 Ce jour-là, déclare l'Eternel, il y aura des cris à la porte des poissons, des lamentations dans la ville neuve et un grand désastre sur les collines.

Fanamarihana 3 – Remarques 3 : Jugement contre tout le royaume de Juda et contre Jérusalem

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 6, 1-2 : Avia, miondreha :

1. Avia, miondreha, ry vazan-tany ô !
Fa lehibe i Jehovah sy masina tokoa.
Miankohofa tsara, manatona Azy izao
Haneho fanajana ilay Mpanao anao.
2. Andriananahary, manaiky izahay
Fa Aminao ny hery tsy hay toherina.
Tsy misy maharara ny tianao hatao,
Fa lanao Mpitondra Iza rehetra izao.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Ezekiela 8, 17-18 :

17 Dia hoy Izy tamiko : Hitanao va izany, ry zanak'olona ? Moa ataon'ny taranak'i Joda ho kely loatra va ny nanaovany ny fahavetavetana izay ataony eto, no fenoiny fampahoriana koa ny tany, ka mampahatezitra Ahy lalandava izy : ary indro izy

nanainga ny rantsan-kazo ho amin'ny orony.¹⁸ Ary Izaho kosa dia hamely amin' ny fahatezerako : tsy hiantra ny masoko sady tsy hamindra fo Aho, ary na dia mitaraina mafy eo an-tsofiko aza izy dia tsy hihaino azy Aho. Amen !

17 Il m'a dit : « As-tu vu, fils de l'homme ? N'est-ce pas suffisant pour la communauté de Juda de s'adonner aux pratiques abominables auxquelles elle s'est livrée ici ? Faut-il encore qu'ils remplissent le pays de violence et ne cessent pas de M'irriter ? Les voici qui approchent le rameau de leur nez ! 18 Moi aussi, J'agirai avec fureur. Mon regard sera sans pitié et Je n'aurai aucune compassion. Quand ils crieront à pleine voix vers Moi, Je ne les écouterai pas ». Amen !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous du mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !
Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !
Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !
Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !
Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

Fiangonana – Assemblée :

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie.*
Gloire soit rendue à Dieu.

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le
Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**